

Dia mametraka izao fifanekem-piasana izao mifanaraka amin'ny lalàna laharana 2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 mahakasika ny fehezan-dalàna mifehy ny asa.

1. FE-POTOANA

- 1.1. Izao fifanarahana izao dia manan-kery mandritran'ny fotoana voafaritry ary mihatra manomboka amin'ny _____.
- 1.2. Ny Mpiasa dia mamita fe-potoana andrana mandritran'ny _____ manomboka ny fotoana iharan'ny fifanarahana.
- 1.3. Ao anatin'izay fotoana izay, ny fifanarahana dia afaka hatsahatra amin'ny fotoana rehetra avy amin'ny andaniny sy ny ankilany tsy ilaina filazana mialoha ary tsy misy vola tambiny ankoatran'ny karama.
- 1.4. Mahakasika ny Mpiasa vahiny kosa, izao fifanarahana izao dia tsy maintsy nahazo alalana mialoha avy amin'ny Minisitry miandraikitra ny fisahanan'asa, rehefa nahazo fanamarinana avy amin'ny « inspecteur du travail » eo amin'ny toerana iasana.

2. TOERAM-PIASANA

- 2.1. Ny toeram-piasana dia _____.
- 2.2. Ny fifindran-toerana amin'ny fotoana voafetra noho ny filan'ny orinasa dia iantohan'ny Mpampiasa.

3. ANDRAIKITRA

- 3.1. Ny Mpiasa dia voaray hiasa amin'ny toerana _____.
- 3.2. Sokajin'asa : _____.

4. FANDOAVANA KARAMA

- 4.1. Ny Mpiasa dia mandray karama mitentina :
_____ **Ar isam-bolana**
- 4.2. Ny fandoavana ny karama dia isaky ny faran'ny volana itsahina, eny amin'ny toeram-piasana ary tsy maintsy efaina manontolo eto Madagasikara amin'ny vola manan-kery ara-dalàna.
- 4.3. Ny fandoavana karama dia azo atao amin'ny alalan'ny famindram-bola amin'ny banky voatendrin'ny Mpiasa na amin'ny alalan'ny solom-bola misoratra amin'ny anaran'ny Mpiasa.
- 4.4. Tsy maintsy hita fototra amin'ny alalan'ny taratasy filazana fandoavam-karama izay arafitry ny Mpampiasa na ny solon-tenany ny fandoavana karama ary soniavin'ny Mpiasa.

5. FIALAN-TSASATRA

- 5.1. Ny Mpiasa dia manana zo handeha hiala sasatra aorian'ny herintaona tena niasana, ka roa andro sy tapany isam-bolana niasana izany. Ny vaninandro fanombohana sy famaranana ny fialan-tsasatra dia tsy maintsy feran'ny roa tonta mialoha ary mifanaraka amin'ny lalàna manan-kery eto Madagasikara.